



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 15 – 21 JANOARY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

MIKAIKAIKA NY MPONIN'ANTANANARIVO AMIN'NY RANON'NY JIRAMA

Miteraka resabe eto an-drenivohitra efa andro maromaro izao ny kalitaon'ny rano zarain'ny JIRAMA isan-tokantrano. Tato ho ato tokoa dia nivadika ho mavo ny lokon'izany rano izany. Manahy ny amin'ny aretina mety haterak'izany ny mpanjifa ka nampika-peo. Raha ny feo miely dia efa nisy ankizy tratry ny aretim-pivalanana vokatry ny fisotroana izany rano izany. Raha nanontaniana ny tompon'andraikitra ny serasera ao amin'ity orinasa mpamatsy jiro sy rano ity, dia namaly fa ny fiakaran'ny haavon'ny rano sy ny fahasimban'ny tontolo iainana no natahonga ny rano ho mavo. Na eo aza izany, dia azo sotroina tsara ary tsy misy tokony ahiana ny ranon'ny Jirama eto Antananarivo.

*Nidina nijery ny zava-misy teny amin'ny foiben'ny orinasa JIRAMA teny Mandrozeza ny Praiminisitra Jean Ravelonarivo, ka nifantoka betsaka tamin'ny fandraisam-pitenenany nandritra izany fotoana izany ny **RNM**. Notsindrian'ny Lehiben'ny governemanta tamin'izany fa madio ary azo antoka ny rano zarain'ny JIRAMA isan-tokantrano ka dia azo sotroina avy hatrany, "Manamarina izany ny vokatry ny fitiliana nataon'ny Institut Pasteur", hoy izy. Mikasika ny tsaho miely momba ilay aretim-pivalanana kosa, dia nanamafy ny minisitra ny Fahasalamana tao amin'ny fahitalavitra **MA-TV** fa tsy mbola nisy nitondra olona voan'izany nandalo teny amin'ny toeram-pitsaboana sy hopitaly hatreto. Naneho ny tsy fahafaliany manoloana io fanambarana io ny mpanandrindra ny fandaharana **Sehatra ho an'ny mpihaino** ao amin'ny **RADIO ANTSIVA**. Nolazainy tamin'izany fa manambaka sy mamitaka vahoaka ny fitondrana, ka rano maloto no lazainy fa rano madio. Azo antoka, hoy izy, fa tsy hisotro an'io rano maloto io velively na ny tompon'andraikitra ny JIRAMA na ny mpitondra, rano maloto izay namafisiny fa nahatonga aretim-pivalanana tamina ankizy maromaro teto an-drenivohitra. Nanindry mafy kosa tetsy an-kilany Lalatiana Rakotondrazafy tao amin'ny **FREE FM** nandritra ny fandaharana **Anao ny fitenenana**, fa tokony hanaraka tsara ny toromarika ho fanadiovana rano ny JIRAMA. Tsy nanafina ny fahatafitohinany amin'ny fihetsiky ny mpiasan'ny JIRAMA ihany koa izy, ka nanipika fa satria ry zareo efa mpiasam-panjakana dia tsy miraharaha intsony izay olan'ny vahoaka. Notaterin'ny **VIVA TV** kosa fa tsy matoky intsony ny JIRAMA ny vahoakan'Antananarivo, saingy tsy manan-tsafidy fa mihafy amin'izay misy eo. Nomarihan'ny **KOLO TV** kosa fa tsy ny eto an-drenivohitra irery no miaina zavatra toy izany, fa hatrany amin'ny faritra toa an'i Maevatanàna. Nambaran'ny **KOLO TV** ihany koa fa tsy mitazam-potsiny ny fikambanana miaro ny zon'ny mpanjifa*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



manoloana ity tranga ity. Araka izany dia mikasa ny hihaona amin'ireo mpamatsy vola ny fikambanana mba hanaporofona ny tsy fahaizan'ny mpitondra mitantana ireo fanampiana avy any ivelany, raha toa tsy mandray andraikitra faran'izay haingana ny fitondram-panjakana.

POLITIKA ANATINY

OLANA ENY ANIVON'NY KAOMININA

Mbola tsy milamina ny toe-draharaha eny anivon'ny kaominina samihafa, na ny eto Antananarivo izany na ny any amin'ny faritra hafa. Misy ireo mpitantana izay mbola tsy mifanaraka amin'ireo mpiara-miasa aminy, ary ny fomba fitantanana mihitsy no miteraka olana eo amin'ny roa tonta.

Raha ho an'Antananarivo manokana, dia niteraka fifandroritana ny fandaniahana ny teti-bolan'ny kaominina amin'ity taona 2016 ity. Na izany aza anefa dia lany teo anivon'ny mpanolotsaina izany rehefa nifandrinarira nandritra ny roa herinandro ny mpikambana. Raha ny voalazan'ny volavolan'ny tetibola dia mihevitra ny hindram-bola hatrany amin'ny 60 miliara Ariary any ho any ny kaominina, mba hanarenana ny tanànan'Antananarivo. Tsy nanaiky izany ny avy ao amin'ny fikambanana Freedom, ny Antoko Mpanohitra, ny Stand Up Tanà ary ny UNRMM, ka teo no nampisy ny disadisa. Tsy nandray anjara tamin'ny fandaniahana araka izany ireto farany. Nilaza izy ireo fa anisan'ny antony tsy anekeny izao findramam-bola be izao ihany koa ny tsy fahafantarana mazava ny anaran'ny mpampindram-bola.

Fifamakiana ady eo amin'ny Ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina no ilazan'ny TV PLUS an'ity raharaha ity. Tetsy ankilan'izay, dia niezaka naka ny hevitra ny andaniny sy ny ankilany ny RADIO ANTSIVA sy ny fahitalavitra MA-TV. Nanambara Lalatiana Rakotondrazafy avy ao amin'ny Freedom fa sambany tamin'ny tantaran'Antananarivo no hisy findramam-bola be toa ity. I Lalatiana Ravololomanana, avy ao amin'ny antoko Mpanohitra kosa dia naneho ny alahelony ny amin'ny tsy mba nanatonana azy mialoha mba ho nahafantarany bebe kokoa ny mahakasika ity findramam-bola izay hitambesatra amin'ny vahoaka ity. Ny lefitry ny Ben'ny tanàna, Gabriel Harison kosa dia nanipika fa ilaina amin'ny fanarenana fotodrafitrasa maro eto an-drenivohitra io vola io. Somary nanakihana kosa ny tao amin'ny KOLO TV raha nilaza fa hampizaka hetra be ny vahoakan'Antananarivo ny fahefana mpanatanteraka eo anivon'ny Kaominina raha mikiry hatrany hizotra amin'ity lalan'ny findramam-bola ity.

Mbola tsy milamina ihany koa ny ao an-drenivohitr'i Betsimisaraka, fa manohy mitokona hatrany ireo mpiasan'ny kaominina. Efa nisy ny fandinihana manokana ny mikasika ity raharaha ity izay nataon'ny mpanolotsaina, ka nitadiavana ny marimaritra iraisana. Nanaiky ny handoa ny karaman'ny mpiasa antselika ny Ben'ny tanàna, araka ny tatitry ny FMA sy ny RMA, ary nanome toky fa tsy hisy ny fandroahana mpiasa. Ny 21 janoary teo, niverina nitokona indray ireo mpiasa, ary nitaky ny fanesorana tompon'andraikitra maromaro eo amin'ny toerany, anisan'izany ny Talen'ny Fitantanana sy ny Tetibolan'ny kaominina. Nomarihan'ny RMA fa tsy anisan'ireo izay nanao sonia ilay fifanarahana teo amin'ny roa tonta ny mpitarika ny fitokonana, izay tsy iza fa i Gina Solofo.

Misy karana iray nanangana tamboho eo amin'ny fasana eo amin'ny tanàna iray antsoina hoe Andranomena, ka niteraka olan'ny fananan-tany ao amin'ny kaominin'i Betsinjaka any Toliara izany

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



tranga izany. Tezitra amin'izao fihetsika izao ny mponina, ka nampika-peo sady nanakana ny lalam-pirenena fahafito. Raha ny fanazavana nomen'ny **TV PLUS** dia ahitana fasana maro ana foko 37 ao amin'ity toerana ananganana teratany vahiny tamboho ity. Tsy niandany kosa anefa ilay fahitalavitra teo am-pikirakirana ny vaovao. Ny Ben'ny tanàna moa no voalaza fa nanome ny alalana ny fanorenana, ka izay no mahavoasingotra azy amin'ity raharaha ity. Efa nisy ihany koa ny fifanatonana teo amin'ny telo tonta, saingy tsy nahomby izany satria tsy nanaiky ny soso-kevitra nomen'ilay karana ny tompon'andraikitra ka dia nampiakarina Fitsarana ny raharaha. (**RADIO SITENY**)

Ao an-drenivohitry ny Betsileo kosa dia raikitra ny fifanolanana eo amin'ny kaominina sy ny mpivarotra amoron-dalana. Nifamotoana vao maraina nanoloana ny lapan'ny Fitsarana ny polisy kaominaly, ny tompon'andraikitra ny fandaminana ny tsena ary ireo mpivarotra. Anton'izao ny tsy naneken'ny mpivarotra hanaraka ny lamina efa napetraka tamin'ny fanomezana toerana azy ireo. Ireto farany kosa nitaraina ny amin'ny fahateran'ny toerana nomena azy. Na ny **RFONE**, na ny **RTV SOFIA** na ny **RADIO TSIRY** dia samy nampita ny vaovao tao anatin'ny tsy fiandiana tanteraka, raha nampiharihary ny fanohanany ny mpivarotra kosa ny **VIVA**. Nolazainy tamin'izany fa vao mainka hampitombo ny isan'ny tsy an'asa ity fanapahan-kevitra ny Kaominina ity.

Manohy ny asa fanadiovana tanàna efa natombony ny Ben'ny tanànan'i Mahajanga, Mokhtar Salim ka ny tao Tanambao Sotema no nifantohany tamin'iny herinandro iny, araky ny fanangonam-baovao'ny **M3TV** sy **VIVA TV**. Ny 19 janoary lasa teo no natao ny fandinihana ny antontan-taratasin'ireo izay nangataka horaisina ho ao anatin'ny biraon'ny fahefana mpanatanteraka eo anivon'ny kaominina Mahajanga I. Araka ny voalazan'ny **VIVA TV** dia miisa 320 ireo antontan-taratasy voaray ary 29 monja no horaisina. Nanambara moa ny Ben'ny tanàna, raha nanotanian'ny **M3TV**, fa mitovy tanteraka amin'ireo mpiasan'ny kaominina ireto mpikambana ao amin'ny biraon'ny fahefana mpanatanteraka ireto, ka ny kaominina ihany no handoa ny karamany.

Any Antsiranana kosa, mimenomenona noho ny fisondrotan'ny sara-pitateram-bahoaka ny mponina ao Antanamitarana. Vokatry'izany dia nampiantso fivoriana niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra ny filaminam-bahoaka, ny kaoperativam-pitaterana, ary ny solotenan'ny mponina ny tompon'andraikitra ny kaominina mba hitadiavana marimaritra iraisana (**TV VARATRAZA**).

FIFANDRAISANA AMIN'NY ANY IVELANY

FANOHANANA NY FIHAONANA AN-TAMPON'NY FRANKOFONIA

Miroso miandalana ny fiomanana amin'ny fandraisana ny fihaonana an-tampon'ny firenena miteny amin'ny ampahany na manontolo ny teny frantsay na frankôfônia. Somary nifantoka betsaka tamin'io ny **TVM** tamin'iny herinandro lasa iny. Ankoatra ny fanavaozana fotodrafitrasa maromaro dia hisy ihany koa ny fanarenana ny renivohitra. Nandalo nitsidika ny fandroson'ny asa ny solotenan'ny Vondrona Iraisam-pirenena misahana ny Frankôfônia (OIF). Raha ny namberan'ny minisitry ny Tetibola tao amin'ny **TV PLUS**, dia mitentina 20 miliara Ariary no vola holaniana amin'ny fikarakarana, anefa toa tsy ho ampy akory izany. Araka izany dia mitodika amin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra ny Fanjakana, saingy efa namaly tao amin'ny **VIVA** i Jacques Bilodeau, filohan'ny delegasionan'ny OIF fa tsy hanome fanampiana an'i Madagasikara ry zareo. Ny eo amin'ny lafiny

Leader du Consortium Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



fandriam-pahalemana kosa no notsindrian'i **KOLO TV** manokana. Heveriny fa tsy ho ampy izany mpitandro filaminana 6000 izany ka tokony hisy fepetra manokana horaisina.

FOMBA FAMOAHAM-BAOVAO SY SATAN'NY ASA FANAOVAN-GAZETY

Mbola mitana ny sain'ny mpanara-baovao maro ny mikasika ny fahafahan'ily tovolahy zanaka mpandraharaha tany Toamasina nisy naka an-keriny. Manoloana ireo fanamarihana sy fanampim-baovao nomen'ny ministry ny Fitsarana, dia nisy mpihaino iray izay niditra mivantana tao amin'ny **RADIO ANTSIVA** ka nanakiana mafy ny mpitondra sady nanendrikendrika azy ireo ho "miezaka manadio tena ao anatin'izao raharaha izao, nefa namono ny vavolombelona iray. Mpikambana ao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika no ati-doha mpikotrika ilay fakana an-keriny", hoy izy. Tsy nanambara ny heviny moa ny mpanentana ny fandaharana manoloana izany fa nitazana fotsiny.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrakaza@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

